



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-8EX

LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA
FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024.

Fivoriana faha-8
Natao ny
Zoma 9 Aogositra 2024
- Maraina -

ee 02/09/2024
See PV
✓
PV n°08EX
d
S-6

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: - Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette
- Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël

FOTOANA: Zoma 9 Aogositra 2024, tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao.

Manolotra ny arahaba ho anao ihany koa, Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta sy ianareo rehetra izay manatrika eto.

langaviana ampanajana, Ramatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 sy ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1490 tamin'ny 5 Aogositra 2024, izay mampiantso izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-76 sy ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1490 -

Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Ao anatin'ny telopolo andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiministra ny fandarahan'asany momba ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana amin'ny Antenimiera izay afaka manome tolo-kevitra.

Raha tsapan'ny Governemanta eo ampanatanterahana ny asa fa misy fanovàna fototra tokony hatao amin'io fandaharan'asa io dia entin'ny Praiministra eny amin'ny Antenimierampirenena izay afaka manome tolo-kevitra izany fanovàna izany.

Toy izao no fivakin'ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1490:

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

DECRET N°2024-1490

Portant convocation du Parlement en session extraordinaire

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;

Vu le décret n°2024-1450 du 10 juillet 2024 acceptation de la démission du Gouvernement, notamment en son article 2;

Vu le décret n°2024-1456 du juillet 2024 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
En conseil des Ministres,

DECRETE:

Article premier. - En application des dispositions des articles 76 et 85 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire le vendredi 9 août 2024 et le lundi 12 août 2024.

Article 2. - L'ordre du jour de la session extraordinaire comprend la présentation par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement, de son programme de mise en œuvre de la Politique Générale de l'Etat, conformément à l'article 99 de la Constitution.

Article 3. - En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 05 août 2024

Par le Président de la République,

Andry RAJOELINA

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
NTSAY Christian

Andriamatoa FILOHA

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'ny famakiany ireo didy aman-dalàna teo ireo.

- 3 -

- Kabary nataon'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**Andriamatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ianareo mpiara-miasa akaiky aminy;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa sy Ramatoa Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Ianareo Solombavambahoaka, namana hajaina;

Ramatoa Filohan'ny Fitsarana Avo;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy Tany Tan-dalàna;

Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona;

Andriamatoa Sekreteram-panatanteraka ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;

Ramatoa Sekretera Jeneraly misolotena an'Andriamatoa Filohan'ny Delegasiona Manokan'ny Kaomininan'Antananarivo Renivohitra;

Ianareo Mpiaara-miombon'antoka Ara-teknika sy Ara-bola amin'ny Antenimierampirenana;

Ianareo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena, izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay tonga manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny andraso andraso, hono, mahariva andro ary ny tongo-dava ahitan-kanina. Koa tsy hitsilailay be raharaha isika satria efa nandrasana fatratra izao antom-pivoriana androany izao; na maika toa inona anefa, ny ravitoto tsy mba fitetika; ny akondro tsy matoy, tsy fanotrika, fa raha jiaby misy fombany sady tsy maintsy misy fiantombohany.

Ny fanombohan'ny vavaka, hono, amin'ny anaran'ny Ray ary ny fanombohan'ny isa iray. Koa ny hanombohako ny teniko kosa dia ny fisaorana an'llay Nahary antsika izay nitantana ny diantsika ka tonga eto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza hiatrika izao fivoriana tsy ara-potoana izao.

Vita àry izay ny sao-Janahary, koa mialohan'ny tafa dia mamelà ahy ianareo hanaja sy hanome voninahitra ireo olona rehetra tonga manotrana izao lanonana izao, indrindra fa ianareo olo-manan-kaja Sivily sy Miaramila. Koa faly miarahaba sy mifanatri-tava aminareo, Tompoko. Reharehanay ato amin'ny Antenimierampirenena no mandray anareo. Koa mankasitraka sy mankatelina indrindra amin'izao fanotronana sy fandavan-tenanareo izao. Ho aminareo tokoa anie ny haja sy ny voninahitra.

Isika Solombavambahoaka kosa izay tompon-draharaha rahateo dia tolora ny arahaba ombam-pitiavana ary omena fisaorana mitafotafy satria na tampotampoka aza ny antso dia

tonga maro ianareo noho ny fahatsapanareo fa adidy masina ho an'ny firenena ny fanatrehana izao fivoriana izao. Koa mandrosoa hasina daholo àry Tompoko sy magnano mbola tsara antsika jiaby.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izay no ela, fa araka ny Didim-panjakana izay novakian'ny Mpitantsoratra tamintsika teo dia mazava ny anton'izao fivoriana tsy ara-potoana atrehin'ny Solombavambahoaka androany izao.

Miainga amin'ny famelabelarana amin'ny ankapobeny ny fandaharan'asan'ny Governemanta no ahafahantsika Solombavambahoaka mahafantatra amin'ny antsihiriany ny asa hotanterahan'ny fitondram-panjakana.

Aorian'ny famelabelarana araka ny voalazan'ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia afaka mitondra sosokevitra isika Solombavambahoaka ho fanatsarana izay fandaharan'asan'ny Governemanta izay.

Araraotina koa izao fotoana izao hilazana ny zava-bitan'ny Atenimierampirenena nandritra ny fotoana fohy tsy nifankahitantsika teto izay.

Maro ireo asa nosahanin'ny Biraos Maharitry ny Atenimierampirenena, ka anisan'izany ny fandraisana teto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ireo vahiny manan-kaja, toy ny Masoivoho sy Solotenam-panjakana; na avy eto an-toerana izany na avy any ivelany.

- Tamin'ny faha-17 Jolay 2024 no nandray ny Tale Jeneralin'ny "Alliance Française d'Antananarivo", Andriamatoa Pierre-Alexandre KUBLER.

Fihaonana fanaovam-beloma no sady nahafahana nanao jeritodika ny fiaraha-miasa sy ny Vinam-piaraha-miasa amin'ny ho avy no votoatin-dresaka tamin'izany.

- Taorian'izay, noraisina ihany koa ny Delegasiona avy tamin'ny «Haut Commissariat des Nations-Unies pour les Réfugiés (HCR)» izay notarihan'ny Tale Lefitry ny Biraom-paritra aty Afrika Aostraly, Ramatoa Angèle DJHOSSOU.

Voaresaka tamin'izany ireo Lalàna tokony hapetraka ho fanafoanana tsikelikely ny olona tsy manan-tsata (apatridie) sy ireo mpitsoa-ponenana (réfugié) eto Madagasikara. Manampy antsika koa izy ireo amin'ny fandrafetana ny Lalàna mifehy ny Zom-pirenena Malagasy na ny «Code de Nationalité».

- Ny faha-23 Jolay 2024, Ramatoa Rabab Said ABDYOU ABDELHADI, Masoivohon'ny «République Arabe d'Égypte», miasa eto Madagasikara no tonga nitsidika teto. Tamin'izany no nilazan-dRamatoa Ambadaoro fa manana fahaiza-manao amin'ny fanamboarana zezika ry zareo izay azo anampiana tsara ny tantsaha Malagasy.

Eo amin'ny lafiny fifandraisan'ny Parlemantera roa tonta kosa, najoro ny Vondrom-pifankatiavana Parlemantera Madagasikara-Egypta na ny «Groupe d'Amitié Parlementaire Madagascar-Egypte».

- Ny faha-24 Jolay 2024, ny «Coordonnateur Résident des Nations-Unies» miasa eto Madagasikara, Andriamatoa Issa SANOGO no noraisina. Fihaonana fanaovam-beloma sy

fankasitrahana azy tamin'ireo asa goavana vitany teto an-toerana nandritra ny efitra (4) taona. Anisan'ny lehibe tamin'izany ny fanampiana antsika tamin'ny fikarakarana sy fanatontosana ireo fifidianana nataontsika teto Madagasikara.

- Ny 1 Aogositra 2024 dia ny Masoivohon'ny «République Populaire de Chine», Andriamatoa Ji-Ping, no noraisintsika. Ny Repoblika Entim-bahoakan'i Sina dia manana fiaraha-miasa maro amintsika Malagasy. Anisan'izany ny Antenimierampirenena, ka ho avy hamangy antsika tsy ho ela ny Delegasiona Parlemantera avy amin'ny «Assemblée Populaire Nationale de Chine», izay hotarihan'ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra mikasika ny Raharaha Ara-bola na ny «Affaire Financière».

- Tamin'io 1 Aogositra 2024 io ihany dia Ramatoa PARK Ji-Hyun, Masoivohon'ny Repoblikan'i Korea Atsimo no tonga nanao fitsidihana ara-pomba fifanajana teto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza. Nohararaotina tamin'izany ny nijerena ireo sehatra ahafahana miara-miasa eo amin'ny Antenimierampirenena roa tonta. Tapaka tamin'izany fa hanangana Vondrom-pifankatiavana Parlemantera na ny «Groupe d'Amitié Parlementaire» eo amin'i Madagasikara sy Korea Atsimo.

Ankoatra izay dia nisy ny fanatanteraha iraka natao tany «Windhoek, Namibie», ny faha-31 Jolay 2024 hatramin'ny 2 Aogositra 2024. Atrikasa fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo parlemantera mikasika ny fiovaovan'ny toetr'andro, izay natrehin'ireo Solombavambahoaka Filohan'ny Kaomisiona momba ny Tontololo lainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy sy ny Filohan'ny Kaomisionan'ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Teknisiana teto amin'ny Antenimierampirenena.

Tiana koa ny manambara etoana fa izahay ato amin'ny Birao Maharitra dia miezaka amin'izao fotoana izao mitady ny hevitra rehetra hanatsarana ny fotodrafitrasa eto amin'ity Lapa ity, satria efa antitra sy tsy manaraka ny toetr'andro ny trano sy ny fitaovana ampiasaina ato amin'ity Lapa ity. Koa manantena ny fiaraha-miasa avy amin'ny Governemanta izahay, Andriamatoa Praiminitra, Lehiben'ny Governemanta satria hiarovana ny hasina sy ny voninahitry ny Andrimpanjakana ary ny fiandrianam-pirenena no tanjona amin'izany rehetra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Santonany ihany ireo notanisaina ireo, fa betsaka tokoa ny asa natao nandritra izay fotoana fohy izay ary tao anatin'izany ny fametrahana samboady ho an'ireo Solombavambahoaka tany amin'ny Faritra sy Distrika maro manerana ny Nosy ary mbola hitohy izany ho an'ireo Faritra tsy nahavita ny azy.

Eto ny tenako dia misaotra antsika Solombavambahoaka izay naneho fiaraha-miasa sy firaisan-kina nandritra ireny fametrahana samboady ireny.

Ny tena zava-dehibe mendri-pisaorana koa dia ny fanapahan-kevitr'ireo Solombavambahoaka tsy miankina maro an'isa izay naneho fahavononana hanampy ny fitondram-panjakana amin'ny fanatanterahana ny Vinan'ny Filohampirenena, Andriamatoa hajaina Andry RAJOELINA.

Hovelabelarin'Andriamatoa Praiminisitra eto tokoa mantsy ny fomba hanatanterahana izany Vina izany, ka ho fantatsika mazava tsara ny tena votoatiny fa tsy hihinan-kena tsy fantatra anarana akory ianareo na hianika hazo tsy fantatra.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Toy izay amin'ny ankapobeny ny mahakasika anay ato amin'ny Antenimierampirenena nandritra ny fotoana fohy nanombohana ny asa izay.

Raha ny fitondram-panjakana kosa, mahita izahay fa mitohy hatrany ny asa fampandrosoana an'i Madagasikara, fa tsy araka ny filazan'ny sasany hoe: tsy misy raharaha mandeha eto amin'ny firenena; na dia mbola betsaka aza ny ezaka tsy maintsy atao. Hita sy tsapa fa miasa ny fitondram-panjakana ary misy vokatry azo tsapain-tànana amin'izany.

Anisan'izany ohatra ny:

- Fandraisana fepetra hanomezana ainga vao ny toekarena Malagasy tamin'ny alalan'ny famerenana ny vola vahiny izay nampisy fiantraikany miabo tamin'ny tsendra fifanakalozana ara-bola.
- Efa hitantsika koa ny fanamboarana ny Lalambe migodana sy ny RN2, RN13 ary ny RN6 amin'izao fotoana izao.
- Eo koa ny ezaka amin'ny fitsarana manakaiky vahoaka amin'ny alalan'ny fanamboarana ireo Lapan'ny Fitsarana any amin'ny Distrika maro samihafa.
- Ny fampiakarana ny velaran-tany azo volena any amin'ny Faritra maro eto Madagasikara.
- Ny fampisitrahana ny tetikasa Ankohonana Miarina.
- Ny fampitomboana ny fampitaovana ny CSB sy ny Hôpitaly maro ary ao anatin'izany ny fanomezana "scanner" ho an'ireo Hôpitaly maromaro eto amin'ny firenena sy ny hafa tsy voatanisa.

Koa misaotra anareo Mpanatanteraka tamin'izay rehetra efa vitanareo amin'ny fampandrosoana ny firenena.

Andriamatoa, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, mampahery sy mampirisika anareo hatrany koa izahay ato amin'ny Antenimierampirenena mba hanohy sy hanamafy hatrany ny ezaka fanatsarana ny orinasa JIRAMA mba hampihena ny fahatapanan-jiro amin'ny toerana sasantsasany eto amintsika. Tahaka izany ihany koa ny Lalam-pirenena vitsivitsy izay mila fanamboarana sy fanatsarana ankoatran'ireo efa natomboka mba hanamora sy hanatsara ny fivezivezen'ny mponina sy ny entana ilainy.

Ankoatran'izay, anisan'ny mampametrika fanontaniana ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Praiminisitra, ny mikasika ny CIAD, taona 2024, izay nisy fihenana. Koa miangavy anao ampanajana mba hitondra fanazavana momba izany, raha ohatra ka sitrakao rehefa avy eo, satria io CIAD io no ahafahan'ny Solombavambahoaka mamaly amin'ny ampahany ny hetahetan'ny vahoaka amin'ny fanaovana sy fanatanterahana ireny tetikasa madinika sy salantsalany ireny.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Eto ampamaranana dia tiako ny manentana antsika Solombavambahoaka mba hifanampy sy hifanome tânana amin'ny Governemanta araka ny tandrifin'andraikitra sy ny fahefana izay nomen'ny lalàna antsika satria asa vadi-drano izy ity, ka tsy vita raha tsy ifanakonana.

Tanjona iray no iombonana dia ny fibanjinana ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy sy ny hanalana azy ao anaty fahasahiranana, ka ny fifanampiana sy ny fifanohanana ihany no vahaolana mahomby amin'izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Izay no ela, izay no fohy fa ankasitrahana ianareo rehetra naharitra nihaino ary mamerina ny fisaorana na ho an'ireo vahiny na ho an'ny tompontrano izay tonga mavitrika miatrika izao fivoriana izao.

Koa mankasitraka Tompokolahy,
Mankatelina Tompokovavy.
Soavà tsarà aby antsika jiaby.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako àry fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Manam-bahiny isika izay tsy voatery hiaraka amintsika eto mandritra ny fivoriana hataontsika; koa omen-dalana izy ireo. Noho izany, hiato kely dimy minitra isika ary rehefa avy eo, miverina ato amin'ny efitrano fivoriana ary homena fitenenana avy hatrany, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta hitondra ny famelabelarana mikasika ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Hisitaka kely aloha isika amin'izao fotoana izao, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Niato tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

